

14 septambra

Fankalazana Fanandratana ny Hazo Fijaliana



Ry Kristianina havana, amin'izao 14 septambra izao no ankalazan'ny Eglizy ny fanandratana ny lakroa, ny hazo fijalian'i Kristy. Asaina ary isika androany araky ny hafatra ao amin'ny Evanjely hibaniina ny lakroa izay loharanom-pamonjena ho antsika. Lazain'i Jesoa ao amin'ny Evanjely : "Tahaka ny nanandratan'i Moisy ny bibilava tany an'efitra no tsy maintsy anandratana ny zanak'olona koa ka ao aminy no loharanon'ny fiainana mandrakizay ho an'izay mino azy". Finoana izany no hahatsapantsika fa ny lakroa no hanovozantsika tokoa ny tena fiainantsika ary ao no mivahatra sy mifototra ny fiainantsika manontolo ary dia izany no mahatonga antsika manao ny famantarana ny hazo fijaliana isaky ny mivavaka isika ary hanambarantsika ny finoantsika izany. Tsy hoe famantarana fotsiny ho antsika io ataantsika io ary izay no mahatonga ny Eglizy manokana an'ity andro anio ity 14 septambra hibandinana sy handinihana ary handalinana manokana momba ny anjara toerana izay famantaram-pamonjena ho antsika izany. Aoka ry Kristianina havana hotsaroantsika tsara fa ny finoana no anovozantsika an'izany famonjena

Vakiteny I : Fan. 21,4b-9.

Tononkira : Salamo 78

Vakiteny II : Fi. 2,6-11.

Evanjely : Jo. 3,13-17.

izany ary tsy hoe sanatria manompo sampy isika raha manao ny famantarana ny hazo fijaliana io fa iombonantsika tanteraka amin'i Kristy satria raha ny fiheverantsika olombelona dia lavitra an'izany mihintsy satria fijaliana no dikan'ny hazo fijaliana, fahafoizana no dikan'izany. Fahoriana mafy dia mafy no vokatr'izany

hazo fijaliana izany ka tsy azo saintsainina mihintsy ny hoe hifikitra amin'izany isika nefo noho ny finoana sy fahafantarantsika fa nanaiky ho faraidiny tokoa i Jesoa izany hoe ny fanadiovana ny fahotantsika no naneken'i Jesoa ny hofantsihana teo amin'ny hazo fijaliana. Raha atao amin'ny teny hafa izay rehetra voalazantsika izay dia tsy araky ny lojikan'izao tontolo izao tokoa ny finoana. Noho izany raha te handray ny famonjena ianao dia ianao mihitsy no misafidy manao dingana ka manaiky ny fahendren'Andriamanitra. Io no tian'ny Eglizy ho tsapantsika raha mametraka ity fankalazana manokana ity. Ireo Tenin'Andriamanitra dia manampy antsika amin'izany. Tian'ny Eglizy ho tsapantsika tokoa ny halehiben'ny hazofijaliana eo amin'ny fiainantsika eo amin'ny famonjenana

antsika. Tsara ho tsapantsika fa io hazofijaliana io no manafaka antsika amin'ny ratsy rehetra sy amin'ny fahotana rehetra. Aoka hagnano ny famantarana ny hazofijaliana am-pahamendrehana mandrakariva isika.

Ny fiatrehantsika ity KORONTANAVIRUS ity dia nahatsapantsika tokoa ny herin'ny ratsy, ny fahotana. Maro ny zavatra potika, maro ny korontana nentin'ity fahavalao tsy hita maso ity.

Raha misy fanentanana nataantsika dia ny hivelomanan'ny fianakaviana ny maha-eglizy kely ka samy nasaina isika hampandroso Lakroa, Baiboly, Masina Maria. Rehefa tonga fotoana ivavhana amin'ny maha Eglizy dia nasaina samy hanana toerana ametrahana lakroa sy Baiboly ary sarin'i Masina Maria

Misaotra an'Andriamanitra isika fa efa manomboka ho resy ka aoka hatoky bebe kokoa hatrany ny herin'ny hazo fijalian'i Kristy isika. Tohizantsika io fivelomanana ny maha Eglizy kely ny fianakaviana io.

Izany hoe aoka ho vonona mandrakariva hihavao isika. Izao ny fotoana tsara hirosoana amin'ny tena départ vaovaoa. Nandray lesona isika ka aoka ampiarintsika.

Ny famantsihana ny fahotana tamin'ny hazo fijaliana no lalam-pamonjena ho antsika. Izany hoe aoka ho convaincu isika, ho fola-kevitra fa tsy maintsy mandalo amin'ny hazo fijaliana, tsy maintsy mamantsika ny ratsy rehetra ao amintsika ao amin'ny hazofijaliana miaraka amin'I Jesoa isika raha tiantsika ny ho voavonjy. Izany tsy midika hoe tsy mikatsaka fijaliana isika fa ny fahotana no manolotra ny fijaliana ho antsika ka io fahotana io, ity KORONTANAVIRUS ity no tsy maintsy potehin'ny hazofijaliana. Noho ny fahotana dia revo ao anaty fakam-panahy isika ka mahatonga antsika mifanapotika sy mifanaratsy. Izany rehetra izany no zary fijalantsika sy aretina mikiky ao anatintsika. Nibaribary izany nandritra izao KORONTANAVIRUS izao. Tsy mifaina amin'Andriamanitra izany sedra mafy izany. Nobaben'i Jesoa ilay zanak'Andriamanitra izany ka nanaiky Izy nitondra ny rofintsika sy ny fahorantsika rehetra, izy izay tsy nanota dia nanaiky ho fahotana mba hanala antsika amin'izany fahotana izany àry izay no lalam-pamonjena ho antsika. Izany no mahatonga ny hazo fijaliana ho voninahitra, ho lalam-pamonjena ho antsika ka mahatonga antsika handray ny fahasoavana rehetra.

Raha mankalaza isika androany ny fanandrantana avo dia avo ny lakroa dia manandratra avo dia avo ny famonjena ho antsika izay nandresen'i Kristy ny rofy rehetra. Raha miaraka Aminy isika na dia mandalo fijaliana aza dia handresy. Eo imason'izao tontolo izao dia faharesena ny lakroa, tahaka nilaozana aza i Jesoa, izay lalana nodiavin'i Kristy toa nilaozana izay no zary famonjena ho an'ireo ao anatin'ny fijaliana.

Raha ampiharina izany dia eo amin'i Kristy mijaly ireo izay marary mafy ka tsy misy mpijery any amin'ny hopitaly, maty fotsiny amin'izao kanefa ao i Kristy mandray azy, mamonjy azy, very fanantenana ireo olona marobe kanefa i Kristy nandray azy. "Tian'Andriamanitra izao tontolo izao ka nomeny ny zanany lahitokana ka izay mino azy dia tsy ho very fa hahazo ny fiaianana mandrakizay."

Averimberintsika matetika fa tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra izany hoe amin'ny alalan'io hazo fijaliana io dia diovin'Andriamanitra izay manimba ny fiaianantsika ka izany fanadiovana izany no vokatry ny

famonjena nentin'i Kristy. Indraindray maharary ny fanavaozana fa mitondra antsika amin'ny fiaianam-baovao satria tsy hitsara an'izao tontolo izao no nahatongavan'i Kristy araka ny voalaza ao amin'ny Evanjely fa hanavotra antsika.

Tsy hitsara izy fa hanatsara ny fiaianantsika ka miankina amintsika tsirairay ny mahatsara ny fiaianantsika, raha mandray ny famonjena nentin'i Kristy isika dia havaozin'i Kristy ny fiaianantsika, havaoziny amin'ny alalan'ny fitiavana.

Ilay fon'i Jesoa banjinintsika amin'ny hazo fijaliana no fo vaovao tsy maintsy ho fontsika, raha fon'i Jesoa ny fontsika dia miova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, miova ny fifandraisantsika samy olombelona, tsy misy fahavalox intsony fa miezaka manasoa ny manodidina antsika isika. Toy izany koa ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana noho ny fandraisantsika ny fo vaovao amin'ny alalan'ny famonjena nentin'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana dia zary tontolo mitondra fanantenana ho antsika, izany no niezahantsika, indrindra isika tanora ary mbola iezahantsika koa ry Kristianina havana amin'izao taona pastoraly izao mba hifikitra amin'i Kristy tokoa isika ka amin'izay ny tontolo manodidina antsika ihany koa dia tontolo mitondra fanantenana ary dia taranaka manorina isika, taranaka mampijoro ary manavao fa sanatria taranaka manapotika, mandrava.

Averimberintsika fa tsy mitovy tamin'ny talohan'ity KORONTANAVIRUS ity ny fiaianantsika fa manantena isika fa ho PANTEKOTY VAOVAO TOKOA KA ZARY EOV MISIONERA TOKOA ISIKA KA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Izao fankalazana ny fanandratana ny hazofijaliana izao hanampy antsika hametraka tokoa ny HAZOFIJALIANA HO EO ANIVON'NY FIAINANTSINKA SY IVON'NY FIAINANTSINKA ka higoka ny famonjena isika. Ny fibanjinantsika ny lakroa no hanampy antsika hameno ireo SADJOA SAOTA : VAVAKA, FANDALINAM-PINOANA, FANDRAISANA AN-TANANA, MANOMPO, MIVORY AO ANATIN'NY SERASERA, MANKALAZA.

Ry Kristianina havana amin'izao taom-pikatrophana vaovao izao tokoa dia aoka isika hifikitra bebe kokoa amin'i Kristy mba hamokatra tsara ary hamokatra be dia be ao anatin'ny hafaliana sy fiadanana isika. Ny lakroa no entintsika mampijoro an'izany fiaraha-monina nohavaozin'ny rà sy ny fitiavan'i Kristy ka hahafahantsika miroso lalindalina kokoa amin'izay fampijoroana NY EOV MISIONERA MANORINA ET, mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ka mitondra amin'ny fivelarana ny mahaolona sy ny mahaolona manontolo.

Ry Jesoa zokinay ô, tonga teto anivonay tokoa ianao, nanolotra ny ainao tamin'ny hazo fijaliana izay loharonom-pamonjena ho anay, tsy miafina aminao ny fiaiananay tsirairay avy, toy ny nahazo anao, nilaozan'olona maro teo amin'ny hazo fijaliana no mianjady aminay amin'izao kanefa izany no ambaranao fa ny lalam-pamonjena.

Ampio izahay tsy hisaraka Aminao fa hifikitra Aminao mba ho rantsana mamokatra izahay, hodiovinao ny fiaiananay mba ho tsaratsara kokoa satria tsy tonga hitsara an'izao tontolo izao ianao fa hanavao sy hanavotra an'izao tontolo izao, ampio izahay hahay hitondra ny famonjena eo anivon'ny mpiara-belona aminay ka hanjaka tokoa ilay fiadanana nampanantenainao anay.

Ry Maria Renin'ny Apostoly Mpanjakavavin'ny pretra ankininay aminao izao fanjava saserdotaly izao. Ao anatin'ny laretirety ireo pretra ka ankininay aminao izy ireo enga anie ho Senakla tokoa

izao fotoana fihibohana izao Hotsilovin'ny Fanahy Masina anie izy ireo, hihavao tokoa hahazo aim-baovao ka ho vonona mandrakrariva hanompo ny vahokan'Andriamanitra ho masina ka hanamasina ny vahoaka.

Masina Maria Reninay aza mandoa anay mivavaha ho anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson